Bokin’ny mpaminany Kacou Philippe

TOKO FAHA-10: FANAMBARANA IREO ZANAKY NY DEVOLY

(*Notorina ny alahady maraina 23 febroary 2003 tany Locodjro, Abidjan - Côte d'Ivoire / www.matth25v6.org*)

Tsikaritrareo ve ny endrik’ilay trano fivavahana malaza indrindra eto Abidjan, dia ny katedraly Masindahy-Paoly? Harato fanjonoana natsipin’i Satana io. Ary io dia ilay sarin’ny trano kristiana rehetra ivelan’ity Hafatra ity. Haraton’i Satana ireny. Izay ivelan’ny Hafatra ara-paminaniana avy amin’Andriamanitra, dia haraton’i Satana.

Mandritra ireny folo taona farany ireny, isika dia eo am-panatrehana isaky ny firenena, hetsika lehibe maro fanosorana izay tarihan’i T.L Osborn, Benny Hinn, Morris Cerullo, Reinhard Bonnké, mpaminany maro ary filoham-piangonana maro, … ary mikasika izany no horesahiko mandritra ireto andro ireto. Norakofan-drizareo fahafatesana ny tany fa ity Hafatra ity koa dia haneno mandrakariva tahaka ny lakolosy kely fanambarana fa nisy olona maty amin’ny fanjakana mampiorin-kaoditra an-drizareo. Ary raha misy devoly iray manana anarana hoe Osborn sady nazera tao anaty endrik’olombelona mijoro etsy, dia vazavazaiko aminy izany! Rizareo no lazain’ny Baiboly ao amin’ny Matio 24:24, 2 Tes 2:9-12 ary Apok. 16:13-14. Ary ireo mpanao fankatovana ireo dia arahana fanomezam-pahasoavana mahery ho faminaniana, famantarana fanahy samy hafa sy fiteny tsy fantatra… Efa nandray sahady ny tombo-kasen’ny fahadisoan-dalana rizareo, ny mariky ny bibi-dia. Tsy afaka mahita na mahazo hevi-javatra rizareo raha tsy avelan’ilay fanahy ratsy ary izany no toetran’ny tontolo jentilisa sy ara-pivavahana. Tsy azon’ny olona hoe nahoana io “fanahy-masina” izay miasa, miteny amin’ny fiteny tsy fantatra, maminany marina, manao fahagagana maro, mandrara ireo olon-tsy mendrika hanatona ny fanasan’ny Tompo io no fanahy ratsy. Ireo batista, “assemblées de dieux”, pentekôtista, … tsy afaka manaiky izany. Ireo katolika tsy afaka miaiky fa ny papa dia mety ho diso ary toy izany isaky ny fiangonana sy ho an’ireo filohany. Fa nahoana? Babon’ny devoly avokoa izy rehetra. Rizareo dia efa nandray ny mariky ny fahajambana. Ny Baiboly milaza fa ory, jamba, mahantra sy mitanjaka rizareo nefa rizareo milaza ny tenany ho manan-karena sy tsy manan-java-mahory. Ny devoly no manome azy ireo ny hihevitra tahaka izany. Hoy ny devoly amin-drizareo: *“ny fiangonana tsy mahavonjy! Raha manana finoana an’i Jesosy ianao ka manamasina ny tenanao, izay no zava-dehibe!”* Ho voaozona anie ianao! [*Hoy ny fiangonana: Amen!*]. *“Na vita batisa amin’ny anaran’i Jesosy-Kristy ianao na amin’ny anaran’ny Ray, Zanaka ary Fanahy-Masina, zavatra iray ihany izany.”* Ho voaozona anie ianao! Ho voaozona ny olona izay tompon’ny vava hivoahan’ny teny toy izany! [*Hoy ny fiangonana: Amen!*]. ... *“Misy didina pataloha ho an’ireo vehivavy”*, ho voaozona anie ianao! [*Hoy ny fiangonana: Amen!*]. Ny lehilahy koa tsy mahazo manao ireny zava-poronin’i Satana ireny. *“Ny fanahy izay miasa ao amin’ireo fiangonan’ny Hafatry ny hariva dia ny Fanahy-Masina!”* ho voaozona anie ianao! [*Hoy ny fiangonana: Amen!*]. *“Tsy afaka ny ho mpaminany-mpitondra hafatra ny afrikana anakiray satria taranak’i Hama izy!”*, ho voaozona anie ianao! [*Hoy ny fiangonana: Amen!*]. Hitanareo? Indray andro, ao amin’ny 2 Tan. 35 izany, Josia izay sady mpaminany no mpanjakan’ny Joda dia nifanena tamin’ny afrikana iray tamin’ny fotoana izay tsy mba nitenenan’Andriamanitra akory tamin’ireo firenena jentilisa ary hoy ilay farao taminy: « *Mialà eo amin’ny lalako fa ny Andriamanitra izay ivavahanao niteny tamiko… »*. Fa io mpanjaka tena tsara fanahy io dia tsy afaka nanaiky hoe Andriamanitra ihany koa dia afaka miteny amin’ny mainty hoditra iray ary maty teo izy! Hitanareo? Ho voaozona anie izay rehetra miezaka ny hahazo na mandika ny hevitry ny Tenin’Andriamanitra amin’ny fombany. Hoy ianao: *“Efa lasa sahady ny fitsanganan’ny maty!”* ho voaozona anie ianao! *“Tsy mety very ny Famonjena noho izany afaka manota aho! Ireo valisoa no tsy ho azoko fa izaho efa voavonjy!”* ho voaozona anie ianao! [*Hoy ny fiangonana: Amen!*]. Ary rehefa tsy tokony hahazo valisoa ihany ianao ety an-tany tahaka ny any an-Danitra, aoka ho voaozona mandrakizay izay rehetra hanome fahafolon-karena, fanatitra na fanomezana anao. [*Hoy ny fiangonana: Amen!*]. *“Izaho vita batisa amin’ny anaran’i William Branham”* ho voaozona anie ianao! Inona koa no dikan’izany? *“Izaho batista”*, ho voaozona anie ianao! *“Izaho assemblée de dieux”*, ho voaozona anie ianao! *“Izaho katolika”*, ho voaozona anie ianao! Hitanareo? *“Isaorana anie Andriamanitra, nanao fampianarana teolojika aho…”*, ho voaozona anie ianao! Hitanareo? Nisy rahalahy tonga teto niaraka tamin’ny diplaoma an’ny fanafahana manamarina fa nafahana tamin’ny fanahy ratsy rehetra rizareo, nodorana daholo izany niaraka tamin’ny taratasy kely (fiches) an’ny fitsaboana fanahy (cure d’âme)… Ny olona dia eo am-panompoana sy eo am-pivavahana amin’i Satana amin’ny anaran’i Jesosy. Rizareo mihevitra fa ireny Jesosy kelin’ireo fiangonana ireny izay mamitaka an-drizareo dia afaka manao zavatra amin’ny olom-boafidy iray izay manana maso mahiratra…

Izaho mahita olona manao vavaka hoatra ny hoe: *“Tompo ô, tahio ity fotoam-bavaka na ity sakafo ity… amin’ny anaran’i Jesosy! Amen!”*. Raha Jesosy no Andriamanitra Tsitoha noho izany iza no nivavahan-drizareo tamin’ny anaran’i Jesosy? ... Hitanareo? Amin’izao faran’ny andro izao, Andriamanitra dia maneho ny tenany ho ilay Voromahery lehibe araka Apok. 12:14 ary ireo zanany toy ireo voromahery kely izay hiangona manodidina ny Teny faminaniana. Amin’iny fotoan iny ihany koa, ny devoly dia maneho ny tenany ho ilay bibilava ao anatin’ilay andinony teo iny ihany, dia ilay fanahin’ny sikidy, ary ireo fiangonana dia feno izany. Na iza na iza mitsipaka ny toritenin’ny Matio 25:6 dia tsy afaka mandray afa-tsy ny fanahin’ny sikidy ho fanahy-masina. Izay rehetra tsy miara-mamory amintsika dia manahaka (Na: manaparitaka). Ho an’iza no iasan’ireo mpaminany betsaka maneran-tany ireo nefa rizareo nitsipaka ny Fahamarinana? Ny Baiboly efa nilaza tamintsika ao amin’ny 2 Tes. 2:9-12 sy ao amin’ny Matio 24:24 fa Andriamanitra Izao mihitsy no handefa azy ireo miaraka amin’ny fahagagana maro sy zava-mahagaga maro ho an’ireo izay tsy manana ny fitiavana ny Fahamarinana mba hinoan-drizareo ireny zavatra ireny ka hohelohina rizareo. Dia hitantsika indray rizareo ao amin’ny Apok. 16:13-14. Hitanareo? Io dia nahatratra ny tendrony nanditra ireo folo taona farany ireo. Ireo niova fo ivelan’ny Hiakan’ny mamatonalina ireo dia mpomba an’i Satana ho an’ilay fampahoriana ho avy. Izany no fisehoan’ny zanaky ny devoly.

Hitanareo? Jesosy-Kristy nilaza fa izay mpaminany dia tsy ankasitrahana ao amin’ny taniny nefa rizareo ireto dia tsy mpaminany raha tsy ao amin’ny fireneny ihany. Ivelan’ny fireneny, tsy inon-tsy inona rizareo! Ary ny kristianisma dia ankasitrahana any amin’izay firenena any noho ny any Isiraely. Fa rizareo ireto dia tsy mahataona olona sy manana

fiangonana afa-tsy any amin'ny fireneny ihany. Hitanareo? Fa manomboka amin'ny 18 desambra 2005, ianareo dia hahita ny Hiakan'ny mamatonalina tody any amin'ny tanàna tsirairay an'ny tany tahaka ny horohorontany ka tsy misy mahasakana Azy.

Ary ao amin'ny Apok. 16:13-14 hitantsika ireny sahona ireny: ireny fiangonana protestanta, evanjelika ary branhamista ireny. Hamafisiko fa ireo mpanjaka resahina eo dia tsy mpanjaka amin'ny heviny ara-bakiteny… Eny ary! Ny sahona dia any amin'ireo honahona, ireo rano menamena, mamotaka sady maimbo nefa ny trondro dia any amin'ny lalina, rano miharihary, madio sady tondraka.

Andriamanitra dia Fitiavana fa izy koa dia ilay Andriamanitry ny fitsarana. Tao anatin'ny fahatsarany lehibe ihany koa namoronany ny helo. Manaraha ireo fiangonana! Manaraha ireo mpaminany sandoka! Mifaliha ao amin'ireo fiangonanareo, mandehana araka ireo fanirian'ny fonareo! Efa nasehoko anareo i Jesosy izay nohombohanareo indray. Fa ianareo izay nitia ny Fahamarinana, aoka ho hendry ianareo! Aza mamaky na dia iray akory aza amin'ireny boky, trakitra (brochures) na boky filazana zavatra iray loha (traité) ireny ary aoka tsy ho hita any aminareo akory ireny! Na ireo nosoratan'i Ewald Frank aza. Mifikira amin'ny Hafatry ny mamatonalina sy amin'ny Baiboly irery ihany ianareo. Raha mino ianareo fa lehilahin'Andriamanitra aho, noho izany raiso ity toy ny didy. Aza mandoto ny tenanareo! Tadidionareo ny Apok. 14:4,5. Toy izany koa no tokony isehoan'ny Ampakarin'i Kristy. Raiso izay rehetra nolazaiko anareo ho toy ny didy. Aza manandrana milalao miaraka amin'ilay bibilava tahaka an'i Eva. Manalavira ny tavany ianareo. Aza mandray izay an-drizareo satria isika tokony ho tsy misy pentimpentina na fiketronana. Vakio ary avereno vakiana ireto toriteny ireto, Fanahy sy Fiainana ireto. Jesosy nilaza tamin'ireo mpianany mba hitandrina tsy ho azon'ny masirasiran-drizareo. Matio 16:5-12: ireo bokiny, ireo horonam-peon'ny fiderany, ets. Hitanareo?

Fahiny, milaza hoe: *"kristiana aho"* dia fahafaham-baraka eo amin'ny fiaraha-monina, tsy tongasoa ianareo rehefa nilaza izany. Nefa ny mifanohitra amin'izany ankehitriny, ny teny hoe "jentilisa" dia toy ny faniratsirana. Nefa raha ny tena izy, dia sady tsy kristiana no tsy fiangonana ireo ary ny devoly no nanao izany. Izany dia tahaka ireny *testamenta vaovao Gédéon* ireny izay zaraina any amin'ireo fiangonana, sekoly, hôpitaly, trano fandraisam-bahiny sy hafa. Ahoana no ahafahan'ny devoly izay nanakana ny famakiana ny Tenin'Andriamanitra mamela ny fizarana izany eny rehetra eny? Tsy Tenin'Andriamanitra izany iny! Aza mety hofitahina ianareo!

Famantarana ny famitahana ihany koa, dia ny hosotr'izareo izany. Nahery loatra ny hosotra teo amin'ny vata-patin'i Kacou Séverin ka nisy fotoana ilay izy tsy afaka nokasihina. Tsy afaka iakarana ao anatin'ny fiaran'ny sasany ary naheno koa aho hoe aorian'ny fandalovan'ny mpaminany iray ao an-kabone, dia mbola mijanona ao ihany ilay hosotra. Hitanareo? Fa hojerentsika amin'izay ny momba an'i Jesosy, ilay ihamboan-drizareo hoe tompoiny. Vakiontsika ny Lioka 8:43 hatramin'ny 45: *« Ary nisy vehivavy anankiray izay nandeha rà nandritra ny roa ambin'ny folo taona… nanatona avy ao ivohony ka nanendry ny somotraviavin-dambany; ary niaraka tamin'izay dia nijanona ny fandehanan'ny ràny. Ary hoy Jesosy: Iza moa no nanendry ahy? Ary rehefa samy nandà izy rehetra, dia hoy Petera, sy izay rehetra niaraka taminy: Tompoko, ny vahoaka manery anao sady mamotsitra anao, dia hoy ianao: Iza moa no nanendry ahy ? »*. Hitanareo? Na ilay vehivavy, na ireo mpianatra, na ireo olona izay tao amin'ny vahoaka izay mamotsitra sy manery an'i Jesosy manodidina tsy nisy nidaraboka. Na ato amin'ity andinony ity, na any amin'ny hafa ao anaty Baiboly. Koa nahoana ary no hisy olona hidaraboka? Ny devoly no fototr'io fihetsiketsehana hitanareo io ary ho foana na ho aingana na ho ela. Hoy ianareo: *"Rahalahy Philippe, tamin'ny sasany, Fanahin'Andriamanitra iny!"*. Milaza aminareo aho hoe TSIA ry ralahiko, ny devoly io miainga amin'ny tendrony iray ka hatreny amin'ny ilany. Tenin'ny mpaminany. Ivelan'ity Hafatra ity, rehefa miteny hoe batisan'ny fanahy-masina ny olona, dia izao no ahazoy izany, batisan-demony. Hitanareo? Jesosy, dia Andriamanitra Izy Tenany ihany, Masina, tsy manana ota… ny olona nanendry azy sady tsy nisy nidaraboka ary ianareo, notorontoronina tamin'ny fahotana sady mpanota, ny vahoaka mirodana nefa tsy mikasika anareo akory? Mifohaza ianareo! Mifidiana ny henatra eo anatrehan'ny olona toy izay ny helo satria raha mpaminany aho dia manambara fa na iza na iza nanao izany na nanaraka na nanohana ny iray tamin'ireny olona misy hosotra ireny, dia efa nanao sonia ny fanamelohana ny tenany izy.

Mandehana mijery ireny latsakemboka sy fisolokiana any amin'ireny fiangonana evanjelika ireny dia ho hitanareo fa ireny fiangonana ireny dia nahavita loza kokoa noho ny "indulgence" (Na: famelan-keloka) an'ny reniny, ny fiangonana katolika. Ilay pasitera na mpaminany lasa mpivarotra ny filazantsara ary ilay mpanota no lasa mpanjifa. Izany no mahatonga an-drizareo tsy afaka miresaka amin'izy ireo tahaka ny hiresahako aminareo androany maraina izao. Ary rehefa mahita ireo "moquettes" sy orkesitra sy ilay aingitraingitra rehetra ilay mpanota, dia adinony ny toetra maha-mpanota azy… ary hoy rizareo hoe ilay mpamitaka dia i Kacou Philippe. Fa mpamitaka inona, rehefa eo anoloan'ny zatovo vavy anankiray, dia milaza azy (la) ho izay ratsy rehetra? Ianareo ihany dia afaka mitsara izany! Ary ireo mpaminany ireo manao hoe: *« Nofainay lafo be ity trano ity! »* Fa tena nilainareo ve ilay manofa io toerana io? Izany ve no nataon'i Jesosy? ...

Nisy fotoana izay niarahan'ny Fahamarinana tamin'ny lehilahy anankiray antsoina hoe Martin Luther, avy eo fotoana niarahany tamin'i John Wesley, avy eo fotoana niarahany tamin'i William Branham tahaka ny telegrama, ny telefona ary ankehitriny efa amin'ny mamatonalina isika. Jereo kely anie izao tontolo izao e! Eo amin'ny serasera, ny taratasy aloha avy eo dia ny telegrama avy eo dia ny telefona ary ankehitriny ny finday sy ny Internet. Mba hifindrana toerana, ireo soavaly aloha, avy eo dia ireo fiarakodia, avy eo dia ireo fiaramanidina ary ankehitriny dia ireo "fusées" ho an'ny habakabaka. Ao amin'ny foloalindahy, ny tsipìka aloha avy eo dia ny basy avy eo dia ny baomba ary ankehitriny dia ireo fitaovam-piadiana nokleary sy bakteriolojika. Io dia mifanaraka tanteraka amin'ireo evanjely efatra sy Apok. 4:7. Mandritra ny maha-aty amin'ny dingana farany antsika, dia misy hafa izay tsy manana afa-tsy ampinga, ary ny an'ny sasany zana-tsipìka fotsiny. Ny finoana dia mivoatra hatrany, nanao ny sarin'ilay *"système de greffage" (Na: Rafitra fanaovana grefy)* aho mba anehoana izany mazava tsara.

Nisy fotoana izay nivoahan'ny lion'ny firenen'i Joda, ny Teny, niaraka tamin'i Paoly avy eo ny zanak'omby an'ny fanaovana sorona nivoaka ary kristiana aman-tapitrisa no novonoin-ko faty avy eo, ny olona nivoaka niaraka tamin'i Luther, ny vanim-potoan'ireo fanavaozana. Ary nanomboka tamin'ny fotoan'ny hariva, miainga eny ambonin'ireo fampianaran-diso sy ireo fanahy mpamitaka ireo voromahery satria ny fanamasinana ny nofo fotsiny ihany dia tsy ampy intsony.

Tamin’ny 1817 sahady, ny antokon’ireo pasitera an’i Genève dia nandrara ny itorina teny mikasika ny maha-Andriamanitra an’i Jesosy, ny fahotana voalohany, ny fahasoavana ary ny fanendrena hatrany am-boalohany. Rizareo rehetra dia nivavaka avokoa ary nahazo fanambarana maro mifanohitra, dia hilaza ve ianareo fa Andriamanitra izany? Ny zanak’Andriamanitra iray dia tsy afaka ny ho mpikambana ao anatin’io antoko iraisam-pirenena io intsony… Hitanareo? Io no fiandohan’ireny tsikombakomba lehibe maro izay hitanareo ankehitriny ireny.

[…] Ny fiovan’ny fanaovana sikidy ho any amin’ny kristianisma dia kinga ery ka mpisikidy-vavy iray manana anarana hoe Mamie Sarah no mampivelatra ny lazany hatrany ivelan’i Ghana alofana ao ambanin’i Jesosy-Kristy. Ireo fiangonana katolika, protestanta ary evanjelika, ireo silamo, ireo “mormons”, ireo “bouddhistes”, ireo branhamista, … ny tsirairay avy amin-drizareo ireo dia samy manoratra ny andriamaniny miaraka amin’ny “A” (litera kapitaly)! Izany no fara-tampon’ny famitahana! Jesosy-Kristy nilaza fa raha tsy nohafohezina ireo andro, dia TSY NISY nofo hovonjena.

Nanomboka nitoriteny aho ny alatsinainy 08 jolay 2002. Izaho nitoriteny tany amin’ireny fijanona’ny fiarabe fitateram-bahoaka (gares de bus), “campus” ireny, … Tamin’izany fotoana izany ny olona nivazavaza hoe: “Toriteny nivaquine! Toriteny nivaquine! …” Ity Hafatra ity dia ilay fanafody tonga mba hitsabo azy ireo ary dia notsipahan-drizareo. Nisy ramatoa mpanan-karena be izay aza nitady ny hanao tsolotra tamiko. Hitanareo? Nefa, aleoko ny fahantrana toy izay ny fananan-karena mba ankasitrahako misimisy kokoa izay mba kely omen’ny mahantra ahy. Aoka ny mpino ahy hanan-karena avokoa ary izaho kosa mijanona ho mahantra ihany!

Andao hiverina any amin’ny teboka niandohana, any amin’ilay famitahana izay mamely any anatin’ireo fiangonana ary tsy inona akory fa ny fisehoan’ireo zanaky ny devoly ihany… Ary ny fanafahana izay resahin-drizareo dia manana fitsipika arahana. Voalohany indrindra tokony ho manam-pahefana aloha ary mitafy izany fahefana izany. Hoatra ny mpitandro ny filaminana (Na: polisy) na koa zandary anankiray manao fanamiana. Nefa mbola tsy ampy ihany izany fa mila taratasy alalana manamarika ilay andro, ilay ora ary ilay toerana ihany koa. Tsy hoe satria polisy ny tena dia afaka misioka fiara anankiray na koa managadra olona. Ity dia endriky ny fahefan’Andriamanitra. Ary ny endriky ny fahefan’ny devoly dia ny jiolahy. Miasa amin-kery ivelany sy manohitra ireo fitsipika napetraka izy, tsy misy fanamiana ary izany no hitantsika any amin’ireny fiangonana ireny. Ary Satana mahalala fa rizareo dia tsy nandray fahefana na alalana handroaka azy. Raha manao fanamiana miaraka amin’ny taratasy alalana ny polisy anankiray, dia afaka manakana na dia mpanotrona (cortège) ofisialy mihitsy aza izy raha manangana tanana fotsiny. Hitanareo? Ireny antsoin’ny olona hoe fanafahana ireny dia tsy inona akory fa zavatra mahatsikaiky ataon’i Satana fotsiny ihany. Amin’ireny fanafahana ireny, nahita olona maro nandidy ilay demony hivoaka avy eo amin’ny vava, ny taovam-pananahana, ny sofina, ny lavak’orona, … dia asain’ilay fanahy manao fihetsika mifanaraka amin’izany ireo misy demony. Ny olona iray manao toy izany dia mpiara-miasa amin’ireo demony tahaka ireo mpanao sikidy ihany. Mpamitaka ireo ary tsy avy amin’ny Fanahin’Andriamanitra no anaovany izany. Izaho nahita hoe lisitry ny anaran’ireo demony ary ny olona dia mino sy manaraka izany.

[…] Tsy azoko hoe ahoana no ahafahan’ny olona mino fa amin’ny andron’ny fampakarana, dia hisy fitohanan’ny fifamoivoizana eny amin’ireny jiro telo loko ireny, hianjera ireo fiaramanidina ary hisy mpamory fiaramanidina hoampakarina, hanambara fanjavonan’olona maro ireo onjam-peo … DISO IZANY! … izaho milaza aminareo fa TSY hofantatr’izao tontolo izao sy ireo fiangonana akory izany. Ahoana no mbola anaty fampahoriana iny mihitsy, ahafahan’ny kristiana anankiray ho any am-piasana fa indrindrindrindra hoe eo amin’ny famoriana fiaramanidina? Ontsa ery aho maheno ireny lainga ireny. Andriamanitra tsy hanadino ireo izay miasa ho an’ny zavatra toy izany, mamitaka ny tany, hoatra an’i Jean Schwab.

Rehefa jamba ny olona anankiray, dia fantany izany saingy mystery ny trangan’ireo fiangonana. Misy olona maro izay manana fahitana avy amin’ny nofy matetika be farafahakeliny in-droa na in-telo isak’alina, asan’ny sikidy izany saingy lazain-drizareo fa avy amin’Andriamanitra. Sarotra ny manafaka azy ireo satria tsy mety miaiky rizareo hoe ny devoly izany. Ilay vavaka no tadiaviny dia avy eo rizareo hiverina any amin’izay nisy azy ireo fahiny. Ny vavaka toy izany tsy ilaina. … Andriamanitra tsy be resaka. Nanomboka ny jolay 2002 ka hatramin’ny androany, tao anatin’ny valo volana nanompoana ary na dia teo aza ireo fifadian-kanina niverimberina, dia raha atambatra, tsy nanana fahitana avy amin’ny nofy sy nofy mihoatra ny dimy aho, Andriamanitra no vavolombeloko. Ary tsy mba niteny velively aho hoe: *“Hoy Andriamanitra tamiko”* fa tsy mpaminany aho ve noho ny amin’izany? Nefa tamin’ny 1995, nanana fahitana avy amin’ny nofy in-dray farafahakeliny isak’alina aho araka ilay nazavaiko tao anatin’ilay *“toriteny mikasika ny Apok. 14:6-10”*. Ireo mpaminany tao amin’ny Testamenta Taloha dia nanao ny asa fanompoany mandritra ny taona maro nefa ny bokin’ny ankamaroan’izy ireo dia tsy mihoatra ny folo pejy. Mety hitranga mihitsy aza hoe tsy miteny na inona na inona amin-drizareo Andriamanitra mandritra ny efatra na dimy taona! Tsikaritrareo fa rehefa te hiteny rizareo, dia manao hoe ohatra: *“Tamin’ny taona faha-3 nanjakan’i anona mpanjaka… Ny taona nahafatesan’i Ozia mpanjaka… Tamin’ny taona faha-25 namaboana anay, tamin’ny fiandohan’ny taona…”*. In-dray mandeha izay, ny Isiraely rehetra nametraka fangatahana tamin’i Jeremia saingy nila folo andro izay vao namaly Andriamanitra. Jer. 42:1-7.

Amin’izany ihany koa, tadidio fa rehefa tsy misy mpaminany, dia voatery miteny amin’ny fomba tsirairay avy amin’ny nofy, fahitana sy hafa amin’ny olona rehetra Andriamanitra. Fa rehefa misy mpaminany, dia miteny avy amin’ny mpaminany Izy momba izay rehetra miditra ao anatin’ny lamin’ny finoana iombonana sy momba izay fanambaran’ny Teny rehetra. Hitanareo? Fony tsy nisy mpaminany, dia nivavaka i Josafata tao amin’ny 2 Tan. 20 fa rehefa nisy mpaminany, momba ilay tranga iray iny ihany, inona no nataon’i Hezekia mpanjaka? Vakiontsika ny 2 Mpa. 19: *« Ary, raha nandre izany Hezekia mpanjaka, dia nandriatra ny fitafiany izy, sady nitafy lamba fisaonana, ka lasa niditra tao an-tranon'i Jehovah.* [Mba hivavaka? Tsia! Mba hangataka ny mpisorona mba hivavaka? Tsia!] Fa inona ary no nataony e? *Naniraka an'i Eliakima izy, lehiben'ny tao an-dapa, sy Shebna, mpanoratra, ary ireo lohan'ny mpisorona, samy nitafy lamba fisaonana, hankany amin'…* [Amin’iza?] Isaia, ilay mpaminany, zanak'i Amoza; [*Hoy ny fiangonana: Amen!*] Ary hoy ireo *tamin’ilay mpaminany: Izao no lazain'i Hezekia: …koa manaingà vavaka ho an’izay mbola sisa tazana »*. Raha avelan’Andriamanitra, dia mbola hiverenako ny mikasika an’io.

Isika dia isan'ireo izay mahafantatra izay zavatra resahintsika. Hitanareo? Hoy i Jesosy ao amin'ny Jaona 4:22: *«Ianareo, ianareo mivavaka, amin'izay tsy fantatrareo; izahay, izahay mivavaka amin'izay fantatray»*. Isika dia miditra ao anatin'ny sitrapon'Andriamanitra. Tahaka an'i Mosesy, Andriamanitra dia afaka mitondra ahy ao amin'ny Sahan'i Edena mba hahita izay tsy azon'ny saiko ka rehefa tonga ny andro izay hanehoan'ny teolojiana lehibe anankiray amiko ny mifanohitra amin'izany, dia tsy ho variana aho. Hitanareo?

Ao amin'ny 1 Mpanjaka 22:19-24, hoy i Mikaia mpaminany: *« Nahita an'i Jehovah nipetraka teo amin'ny seza fiandrianany aho, ary ny tafika rehetra an'ny lanitra nitsangana teo akaikiny, dia teo amin'ny ankavanany sy teo amin'ny ankaviany ary hoy Jehovah: Iza no hitaona an'i Ahaba, handehanany ho any Ramota-gileada ka ho lavo any? Ary ny anankiray niteny toy izao, ary ny anankiray kosa niteny toy izao. Ary nisy fanahy anankiray nivoaka, ka nitsangana teo anatrehan'i Jehovah, ary nanao hæ: Izaho, hitaona azy aho. Ary hoy Jehovah taminy: Ahoana anefa? Dia hoy izy: Hivoaka aho, ka ho tonga fanahy mandainga ao am-bavan'ny mpaminaniny rehetra. Dia hoy indray Jehovah: Ho voataonanao izy, ka hahomby ianao: mivoaha ary, ka ataovy izany. Ary ankehitriny, indro, Jehovah efa nanisy fanahy mandainga ao am-bavan'ireto mpaminaninao rehetra, … Ary Zedekia mpaminany, zanak'i Kenana, nanatona dia namely an'i Mikaia teo amin'ny takolany, sady nanao hæ: Taiza no nandalovan'ny Fanahin'i Jehovah, izay niaraka tamiko, hiteny aminao? »*. Hitanareo? Ny olona tsy mamaky Baiboly mba hahalala fa Andriamanitra Izao-mihitsy no afaka mandefa fanahy mamitaka ho amin'ny olona tso-po. Hitanareo? Tsy mpaminanin'i Bala ireo fa mpaminanin'i Jehovah ary rizareo dia mpaminany jiosy miisa efa-jato eo ho eo ary naminany tsy nihatsaravelatsihy teo ambanin'ny tsindrimandry saingy ny Baiboly milaza fa fanahy ratsy no nanindrimandry azy ireo tamin'io andro io ary na rizareo izao aza tsy nahalala izany. Ary tamin'i Mikaia mpaminany Andriamanitra no nanambara izany. Hitanareo? Andriamanitra dia afaka (libre) amin'ny hanambarana izany amin'izay tiany.

Ny iray amin'ireo loza lehibe indrindra amin'ny kristianisma, dia ireo boky sy boky filazana zavatra iray loha (traités) an'ireny fivarotam-boky lazaina fa kristiana ireny izay ampian'ny Internet izay ahitana olona tsy fantatra na ny antso, na ny iraka, na ny fiainana ary entanin'ny fanahy tsy haiko any, afaka maneho zavatra marina. Raha ratsy ny televiziona, dia fantaro fa ny Internet dia im-polo ratsy kokoa! … Hoatra ny any amin'ireo mystika, ny boky tsirairay dia mitovy amin'ny ambaratonga anankiray ary ireo ambaratonga dia fanjakana, demony. Rehefa misy olona tahaka an'i Osborn, Morris Cerullo, Benny Hinn, Rebecca Brown, Reinhard Bonnké na Yongi Cho manoratra boky, dia mety ho tena marina ny zavatra lazainy saingy demony no ao ambadik'izany. Tamin'ny bibilava, rain-drizareo, niteny tamin'i Eva fa raha mihinana ilay voankazo rizareo, dia hahiratra ny masony ka hahalala ny tsara sy ny ratsy rizareo tahaka ireo andriamanitra, marina izany saingy tao ambadik'izay fahamarinana izay no nisy ny fahafatesana sy ny fahalavoan-drazanak'olombelona. Dia zavatra mitovy ihany izany. Izay zavatra rehetra melohako, alavironareo izany! Aza mandinika! Izao no lazain'i Jehovah Tompo, alavironareo ireny fiangonana ireny, raha misy manasa anareo ho any, aza mankany!

Inona no lazain'ny Deotoronomia 13:1? Raha misy olona mitory ny fahamarinana aminareo, maminany marina ary miteny aminareo hoe: *"Andeha isika ho any amin'ny fiangonana katolika! Andeha isika ho any amin'ny fiangonana metodista! Andeha isika ho any amin'ny fiangonana batista, pentekosta, foursquare, assemblées de dieux, branhamista,… dia aza mandeha any! Mizaha toetra anareo ny Andriamanitrareo…"* Azonareo? Ny Baiboly tsy milaza fa hanao izao zavatra ataony izao rizareo ivelan'ny Matio 24:24 sy 2 Tes. 2:9-12. Hitanareo? Raha misy olona tsy manana Hafatra avy amin'Andriamanitra, ahoana no ahafahan'Andriamanitra hanome azy fahagagana sy zava-mahagaga? Hanamarinana inona? Araka ny Apok. 16:13-14, ny Baiboly dia milaza fa hanao izay ataony izao rizareo ary ireo zanaky ny devoly araka ny Genesisy 4:17-23 mametraka ny fananany ho ampiasain'izy ireo mba hanimbana ny tany sy handefasana fanahy be be kokoa any amin'ny helo. Hitanareo fa tsy donto saina ny devoly? Ny Hafatry ny hariva dia tonga tao Katadji aloha tamin'ny taona 1970 ka hatramin'ny 72 ka teo ka hatramin'ny telo-polo taona, mbola tsy nahita trakitra (brochure) na naheno ny anaran'i William Branham tany mihitsy aho. Nefa any Abidjan, rizareo manamboatra tempoly tsara tarehy lehibe, mividy Mercedes sy trano mahafinaritra ho an'ny tenany rizareo. Ary rehefa manao latsakemboka rizareo, dia tsy ny hitorina filazantsara amin'ireo tanàna kely izany fa mba hikarakarana fivoriambe (conventions) mba hifampisehosehoana sy hamababo ny fon'ireo izay vao tafavoaka avy tao amin'ireo anaram-piangonana! Ô! Amindrao fo! Namorona tranokala Internet rizareo dia nametraka ny Hafatry ny hariva tao raha tokony handefa evanjelista any amin'izao tontolo izao. Hitanareo? Raha afaka mankasitraka izany Andriamanitra dia tokony nankasitraka an'i Davida koa Izy tamin'ny nametrahan'ilehio ny fiaran'Andriamanitra teo ambonin'ny sariety vaovao. Ny Tenin'Andriamanitra dia tsy mba nentina tamin'ny sariety vaovao hatrizay ary tsy ho entin'ny Internet na oviana na oviana. Ny Internet, tsara fa rehefa manolo tanteraka ireo evanjelista izy, dia zava-doza.

Tao amin'ny fiangonana nisy ahy, nisy pilipitra tsara tarehy mitarehim-bolamena [*Alitara*] saingy nosololoin-drizareo ilay izy! Nisy mpino anankiray nitsangana mba hanome pilipitra amin'ilay iray tapitrisa franc CFA. Ary ho an'ny fanasan'ny Tompo, nisy ramatoa nitsangana mba hanome kapoaka amin'ilay iray hetsy franc izany hoe in-telon'ny SMIG, dia ny karama farany ambanin'ny mpiasam-panjakana ivoariana anankiray. Hitanareo? Nefa ny apostoly dia nisotro tamin'ny kapoaka hazo… Izany no nilazako hoe ny branhamisma dia akany vaovaon'ny fihemorana ara-pinoana kristiana. Izy rehetra, miainga amin'ny tendrony iray ka hatreny amin'ny ilany, dia pasitera mpikomy (apostats) avokoa.

Ankehitriny rehefa nomen'Andriamanitra antsika ny fanambarana mikasika ny Baiboly, dia hoy ireo zanaky ny devoly: *"Handeha any amin'ny Internet izahay ary hanao fikarohana mafotaka mikasika ny tantara sy ireo dikantenin'ny Baiboly ka hotoherinay iny Kacou Philippe iny"*. Fa na inona na inona ho hitany any amin'ny Internet, dia tsy hahavariana ahy izany, olombelona nampiseho izay heviny momba ny zavatra anakiray izany. Tsy ny Internet no masi-mandidy antsika fa Andriamanitra avy amin'ny alalan'ny mpaminany mpitondra hafatra. [*Hoy ny fiangonana: Amen!*] Ny fahotan-drizareo ankehitriny dia mitovy amin'ny fahotan'i Saoly tao amin'ny 1 Sam. 28, rehefa tsy novalian'Andriamanitra avy tamin'ny mpaminany izy, na koa tamin'ny Orima Tomima, na avy tamin'ny nofy sy fahitana ka nandeha nanontany ny Tenin'Andriamanitra avy tamin'ny alalan'ny vehivavy mpiantso karazam-panahy rehetra (Na: manao azy ho tsindrian-javatra). Tenin'ny mpaminany. Zanaky ny devoly rizareo ireny, avelao any rizareo! … Mino ve ianareo fa ny Internet dia vehivavy mpiantso karazam-panahy rehetra? [*Hoy ny fiangonana: Amen!*]

Ary ny fiteny hoe *«Izao no lazain'ny Baiboly»* izay ampiasain'ny pasitera sy mpaminany maro mba hamelabelarany hevitra na hampitenenany ireo mpaminany ao amin'ny Baiboly izay efa maty dia fitenin'ny mpikirakira fanahy (spirite). Io ihany ilay fanahy "spirite" katolika, ara-pomban-drazana sy an'ilay vehivavy mpiantso fanahin'ny maty izay nalehan'i Saoly tao amin'ny 1 Samoela 28. Ary io fanahy io ankehitriny dia nanova endrika sy miasa amin'ny fomba malefaka (kinga) ao amin'ny kristianisma. Andriamanitra dia Iny ihany! Tsy miova omaly, anio ary mandrakizay! Tao amin'ny Testamenta Taloha, tamin'ny endriny Ray, Izy dia niasa avy tamin'ny alalan'ireo mpaminany izay izao no lazain'i Jehovah Tompo ny teniny voasoratra na dia tsy niteny aza rizareo hoe *« Izao no lazain'i Jehovah Tompo ».* Ary rehefa avy naneho ny tenany tety an-tany, dia niteny Izy hoe hiverina any amin'ny Ray aho, ao amin'ny toerany tao amin'ny Testamenta Taloha niaraka tamin'ireo mpaminany. Avy aiza ary no hitenenan'ny fanahin'ny sahona sy an'ny spiritisma izay fetsy hoe: *«Izao no lazain'ny Baiboly»* na *«Izao no lazain'ny Teny»*? Tahaka an'i Saoly, izay nahita fa tsy niteny tamin-drizareo intsony Andriamanitra, dia mampiteny ireo olona efa maty rizareo. Ary manoloana ireo fijoroana vavolombelona amin'izay ataon'Andriamanitra eto izao, maro tamin-drizareo no nanatona ahy ho an'ny vavaka ary tsy adinoko ny milaza azy ireo izay mendrika ny ho lazaina amin-drizareo. Hitanareo? Rizareo tokony hahalala fa tsy mino an'i William Branham mihoatra ahy rizareo; saingy i William Branham dia raisiko toy ny lehilahin'Andriamanitra mitovy lenta amin'i Isaia, Amosa sy ireo hafa, ka efa lasa ny androny! Ankehitriny amin'izao taona 2006 izao ve, raha manana olana amin'ny fanahy na amin'ny aretina ianareo, dia afaka mankeny amin'ny fasan'i William Branham mba hangataka vavaka? Hitanareo fa tsy lavitra anareo ny spiritisma? Tsy fantatro hoe lehibe tahaka ny ahoana ny ministera sy maha-olona an'i William Branham fa ny Baiboly milaza fa ny Andriamanitry ny Baiboly dia tsy Andriamanitr'ireo maty fa Andriamanitr'ireo velona. Taorian'i Mosesy ilay lehibe, na dia kely tahaka ny inona aza ny ministeran'ny mpaminany i anona na i anona izay heverinareo fa kely, dia izy, io mpaminany kely io, no manana ny fanalahidin'ny Fanjakan'ny lanitra eto an-tany ary izy no tokony henoina sy torina.

Eny ary, jereontsika ankehitriny ny Genesisy 4:17-24, vakiontsika izany: *«* [andinony faha-17…] *Ary Kaina nahalala ny vadiny, dia nanan'anaka ravehivavy ka niteraka an'i Enoka; ary nanorina tanàna izy, ka ny anaran'ny tanàna dia nataony araka ny anaran'ny zananilahy hœ Enoka.* [andinony faha-18…] *Ary Enoka niteraka an'Irada; ary Irada niteraka an'i Mehojaela; ary Mehojaela niteraka an'i Metoshaela; ary Metoshaela niteraka an'i Lameka.* [andinony faha-19…] *Ary Lameka naka vady anankiroa: ny anaran'ny anankiray Ada, ary ny anaran'ny faharoa, Zila.* [andinony faha-20…] *Ary Ada niteraka an'i Jabala; izy no rain'ny mpitœtra an-day sady manana biby fiompy (omby aman'ondry).* [andinony faha-21…] *Ary ny anaran'ny rahalahiny dia Jobala: izy, no rain'ny mpitendry lokanga sy mpitsoka sodina rehetra.* [andinony faha-22…] *Ary Zila, izy kosa, niteraka an'i Tobala-Kaina, mpanefy fiasana rehetra na varahina na vy. Ary ny anabavin'i Tobala-Kaina dia Naama.* [andinony faha-23…] *Ary hoy Lameka tamin'ireo vadiny: Ry Ada sy Zila ô, mihainoa ny feoko; ry vadin'i Lameka, mitandrema ny teniko: hamono lehilahy aho noho ny feriko, ary tovolahy noho ny faharatrako;* [andinony faha-24…] *raha valiana faty aim-pito i Kaina, i Lameka kosa dia im-pito amby fito-polo. »*

Eny ary, izao amin'izay, aza miteny hoe *"Amen!"* mba tsy hahavoasarika izay tsy mahazo resaka. Andriamanitra tsy manao fampisehoana ary tsy misarika an'iza na iza. Eny ary,… [*Naoty: Mandritra ireo toriteny, i rahalahy Philippe dia miteny tahaka ny hoe miresaka amin'olona manatrika azy izy. Tsy mba mivazavaza, na mitsambikimbikina izany mihitsy*]… eo amin'ny andinony faha-17, io no rain'ireo olo-malaza, rain'ireo filoham-pirenena, ireo ben'ny tanàna, ireo tompon-trano sy mpampanofa trano, ireo mpanamboatra trano, … eo amin'ny andinony faha-19, io no rain'ireo maro vady, ireo mpampirafy, ireo raiki-pitia, ireo mpanera trano fandraisam-bahiny, horonam-tsary mihetsika, … eo amin'ny andinony faha-20, io no rain'ireo mpiompy, … eo amin'ny andinony faha-21, io no rain'ireo mpitendry mozika, ireo mpihira, ireo antoko mpihira, ireo mpamorona feon-kira, … eo amin'ny andinony faha-22, io no rain'ireo mpamoron-javatra, ireo mpanana orinasa, ireo talen'ny orinasa, orinasa lehibe, vondron'orinasa, ireo mpandraharaha, … Hitanareo? Rehefa nanomboka nasian-drizareo herim-baratra (electricité) ireo tanàn-dehibe sy tanàna madinika, araka ny hita toa zavatra tsara izany saingy niha avo fito heny ny fahotana satria ny televiziona, ireo trano fisotroan-toaka, ireo "maquis" (karazana trano kely mivarotra tsakitsaky sy toaka, amoron-dalana) ary ireo trano fandihizana dia tonga niaraka tamin'izany. Hitanareo? … Mbola eo amin'ny andinony faha-22 hatrany, hitantsika i Naama, ilay vehivavy manan-boninahitra voalohany teto an-tany, renin'ireo vehivavy votsotra, reniben'i Jezabela. Io zanaka-vavin'i Kaina io no nanao fampielezan-kevitra momba ny fitondran'ny matriarka ary nanao izay nahazoany anjara tao amin'ny lovan-drainy nefa izy dia vehivavy. Na dia ireo zanany aza dia mbola nandova tamin'i Lameka rainy. Hitanareo? Io fitondran'ny matriarka io dia nandray anjara betsaka tamin'ny fahotana satria ireo vehivavy ireo izay mahita ny fananan'ny ray aman-dreniny, dia tsy miraharaha ny fanambadiana ary ireo dia vehivavy mazan-doha, tsy manoa ary voaomana ho amin'ny famotsorana. I Naama dia nanan-jo ny hitoriteny tao amin'ny fiangonan'i Lameka. Ary ankehitriny, na dia eo aza ny Hiakan'ny mamatonalina, ny vehivavy sasany dia mbola manohy mihira sy mitoriteny any amin'ireo fiangonan'i Lameka ihany… Eo amin'ny andinony faha-23 sy faha-24: io no rain'ireo teolojiana, ireo toeram-pampianarana sy fampiofanana ara-baiboly, ireo filoham-piangonana sy ireo izay rehetra izay mandika ny hevitry ny Tenin'Andriamanitra! Satria tsy afaka mahary tahaka an'Andriamanitra rizareo, dia mandika ny hevitry ny Teniny mba hilazana fa mitovy amin'Andriamanitra rizareo. Ny teolojiana tsara anankiray dia vava an'andriamanitra anankiray. Hitanareo? Ary ny ambiny dia manohana an-drizareo ara-bola, ireo kely sy ireo lehibe, ireo firenena sy ireo Fitondram-panjakana, mametraka vola an-davitrisa maro, fiaramanidina maro, fikambanana maro, … eo am-pelan-tanan'ireo fiangonana sy ireo mpikambana ao mba hamitahana ireo mponin'ny tany, ireo izay tsy manana ny anarany voasoratra eo amin'ny bokin'ny fiainan'ny Zanak'ondry talohan'ny nanorenana izao tontolo izao. Satria, rehefa hoasandratr'Andriamanitra hitovy lenta amin-drizareo ireto ireo zanany, dia ho hita ho mpitandrina ireo fananan'Andriamanitra izay nomeny azy ireo mba hanohanana ny asany rizareo. Ary ny zanak'Andriamanitra anankiray dia tsy hametraka ny fananany ho eo am-pelan-tanan'ny mpanao ody izany, na dia manangana ireo maty aza io mpanao ody io.

Ary isaorantsika Andriamanitra noho ny amin'ny fanambarana ireo zanaky ny devoly. Hitanareo? Io dia tahaka ireo rahalahiko iray tampoha amiko sy ireo izay ao amin'ny tanànako izay nahaterahako sy nahalehibe ahy; tsy mino ahy rizareo,

tsy hoe noho ny fahotana vita fa satria izahay dia ninono tamin'ny reny iray itoviana ihany, niara-nihaza na niara-nanjono izahay, … fa hisy amboadia avy any lavitra ho avy, dia hino azy rizareo. Hitanareo? Izany no fahotako.

Eny ary, … ary ankehitriny, isika ihany koa dia mahita ny iray amin'ireo taranaky ny zanaky ny devoly ireo mitory hoe ny kristiana dia afaka manao politika, misotro toaka, mifoka, ny ho sodomita (homosexuel), ny ho lasa manambady maro, … mankeny amin'ny tora-pasika, manao baolina kitra, mijery baolina kitra amin'ny televiziona, hitanareo? Ho voaozona anie ireny olona ireny! Ireo rahalahy manao "short" eo anoloan'ny anabavy, ireo anabavy manao akanjo fitondra milomano (maillot de bain). I Satana dia ao amin'ny fiangonana! Tahaka an'i Paoly, afaka mitatatata aho hoe: Ho voaozona anie izay mitory zavatra toy izany! Raha nanana vady anankiroa na anankitelo mihitsy aza ianareo rehefa tonga tao amin'ny Teny, dia voatery hitazona azy ireo ho vady ianareo saingy raha efa kristiana, dia tsy afaka ny hanana vady anankiroa intsony ianareo! Afaka manao fanatanjahantena ianareo, manao "footing" (Na: hazakazaka madinidinika) fa tandremo manao baolina kitra, izaho tsy mba nilalao baolina kitra na nijery ady baolina kitra na horonan-tsary tamin'ny televiziona mihitsy nanomboka tamin'ny 1993 izay nahazoako ilay fahitana. Ary tamin'ny 2002, afaka manambara aho amin-kery fa ny Fanahin'i Jesosy no nitarika ahy handeha hanipy any amin'ny fanariam-pako ny fahitalavitro vaovao izay novidiako lafo tany amin'ny tranombarotra libaney. Ary omaly, nisy rahalahy avy ao amin'ny Hafatr'i Branham nanoro ahy trakitra (brochure) anankiray izay ilazan'i William Branham hoe: *"Izahay tsy manana televiziona. Tsy hisy izany velively ao an-tranoko, mandrakizay… Andriamanitra dia niteny tamiko hoe aza atao izany"*. Ao amin'io trakitra iray io ihany, hoy izy: … [*Naoty: Mitady ilay pejy i rahalahy Philippe*] Eny ary, izao no nambarany: … Eny, ato tokoa izay. Eny ary, vakiako: *"Tsy nanana eritreritra ny hanana televiziona ao an-tranoko mihitsy aho. Sanatria. Tsy mila io zavatra io ao an-tranoko aho. Simbaiko avy amin'ny basy fentiko mihaza io. Tsy te hanam-pifandraisana amin'io zava-dratsy io aho. Izany mihitsy"*. [Naoty: ilay trakitra ny *herin'Andriamanitra mba hanovana* ref. 169 sy 242 izany]. Ankehitriny, fa satria mijery horonan-tsary sy ireo ady baolina kitra ianareo, ahoana moa no ahazoanareo izay zavatra omen'Andriamanitra lavitra ny televiziona? Hitanareo? Ary momba ny baolina kitra, rehefa misy tany iray mifanandrina amin'ny tany iray hafa, dia ny Jesosy-Kristy an'ireo fiangonana any amin'io tany io no mifanandrina amin'ny Jesosin'ireo fiangonana amin'ilay tany anankiray hafa. [*Hoy ny fiangonana: Amen!*]. Hitanareo? Fifanatrehan'ireo demony izany. Ary ireo fanahy masin-drizareo dia manome fanambarana fandresena. Ary momba ilay toe-javatra, ireo demonin'ireo fiangonana, ireo demonin'ny jentilisa ary ireo demonin'ireo silamo dia mifanara-tsaina ao anatin'ilay ady anankiray io ihany. [*Hoy ny fiangonana: Amen!*]. Ny kristiana dia tsy miditra amin'izany, manalavira azy ireny ianareo! … Hitanareo?

Ary izaho dia nahita pasitera branhamista izao mihitsy aza izay, mijery ady baolina kitra, dia mikoràna eo anoloan'ny vata fahitalavitrany ka lehilahy toy izany ve no ho avy hiresaka Teny miaraka amiko? Tsia! Tsy vonona aho. Ary misy lehilahy toy ireny izay tena namitaka sy nanary fanahy maro ka na dia vehivavy janga tsinontsinona iray aza manana fahasoavana avo arivo heny noho rizareo. Hitanareo? Mahazo aina ery rizareo eto an-tany nefa ny helo dia manana zo amin-drizareo ary tsy mitsahatra ny mangataka azy ireo. Hitanareo? Raha misy pasitera na mpitoriteny izay tsy tonga mba hilaza hoe: *"Ry lehilahy rahalahy, mino ny Hafatra aho, koa ankehitriny, inona no tokony ataoko?"*. Dia aza miraharaha azy ianareo. Na dia i Nikodemosy, lohan'ny jiosy aza tsy tonga nangataka fanazavana tany amin'i Jesosy. Hitanareo? Ny lalina miantso ny lalina. Ary rehefa hitako fa misy olona mametraka fanontaniana mba hanoherana ny Hafatra, dia omeko valin-teny izay mahatonga azy tsy hino mandrakizay izy. Omaly, nisy iray izay nanamarika tamiko fa nisy teny nampiana maro tao amin'ilay boky oharina amin'ny lahatsoratra niandohana ka hoe tsy araka ny mahazatra izany. Hitanareo? Afaka nomeko ny Jer. 36:32 izy saingy nataoko nino izy hoe marina ny azy. Foza! [*Naoty: Miomehy ny fiangonana*]. Andriamanitra va aho no handresy lahatra olona? Hitanareo? Izay noraisiko avy amin'Andriamanitra, dia izay no nolazaiko ary Andriamanitra nahalala fa ho toy izany no hilazako azy! Ny fotoanako, dia ho an'ireo izay efa mino! [*Naoty: Hoy ny fiangonana: Amen! Rahalahy Philippe kosa miomehy*].

Eny ary, … Araka ny Baiboly, Andriamanitra dia maniraka mpaminany rehefa very tanteraka ny olony ary izy dia tonga mba hamerina indray ny Fahamarinana sy hitondra ny olona ho amin'ny Mazava. Izany no mahatonga ny hoe nialohan'ny nidinan'ilay Anjely sy ilay Zanak'ondry, dia nisy fanakona-masoandro. Ary talohan'izany, efa nisy faminaniana ara-baiboly naneho sahady fa amin'ny fotoana toy izao, amin'ny toerana toy izao, Andriamanitra dia hanao zavatra toy izao. Io tsy hoe handeha hanao fifadian-kanina 21 na 40 andro dia tamy miaraka amin'ny hosotra. Izay rehetra antsoinareo hoe *"fifadian-kanina Estera"*, *"fifadian-kanina Josafata"* na hafa any, dia fampijaliana-tena fotsiny ary ny devoly izany! Ary ny olona dia mihazakazaka aorian'izany tsy mitady izay ahafantarana akory hoe ireo fanahin'ny fanaovana ody ihany no ao. Raha tsy hitanareo amin'i Osborn sy ireo hafa ny endrik'ireo mpanao ody dia noho izany mbola tsy teraka indray ianareo. Fa ireo olom-boafidy izay manana fanajana ny Baiboly sy ny Teny faminaniana dia any amin'ny refim-pisiana (dimension) hafa, lavitra ny sikidy araka ny Apok. 12:14.

[…] Ary mihevitra aho fa raha maniraka lehilahy anankiray Andriamanitra androany, dia tokony maharesy ireo aretina rehetra amin'ny vanim-potoany izy. Tamin'ny fotoan'ny hariva dia ny homamiadana izany ary amin'ny mamatonalina kosa dia ny sida. Rehefa indray andro any tafangontsika ao anaty boky iray ity Hafatra ity, dia hanao trakitra an'ireo fijoroana vavolombelona isika ary izaho milaza fa hisy fijoroana vavolombelona mikasika ny fahasitranana amin'ny sida, voamarin'ny mpitsabo ao raha tsy izany dia mpaminany sandoka aho. Tsy afaka ny hisy demony ampy hampandamoka izany. [*Hoy ny fiangonana: Amen!*] Raha tsy ilay mpahary ny lanitra sy ny tany ny Andriamanitry ny Hiakan'ny mamatonalina, ary tsy izaho no Matio 25:6, aoka tsy hahasitrana ny sida velively aho. Izay hitanareo dia tsinontsinona eo akaikin'izay mbola ho avy! Jesosy-Kristy, ilay Anjely tamin'ny 24 aprily 1993 no hanao izany. [*Hoy ny fiangonana: Amen!*]. Aoka Andriamanitra hanome harena materialy ho an'ireo Isimaela branhamista izay voaraoka eo anatrehany ary ho antsika, Izy hanome ny hery satria ireo maty dia mbola tokony hitsangana, ireo jamba mbola tokony hahiratra, ireo marenina mbola tokony halady (Na: haheno), … Satria Andriamanitra tokony hanamarina ny Teny ary mankany amin'izany izao hirosoantsika ankehitriny. Ary nilaza fa tsy hahajanona ny sida. Izaho dia hangataka ireo fitilina mihitsy, ary avy eo ireo olona dia handeha hamerina hanao fitilina dia hotehirizintsika izany miaraka amin'ireo mombamomba ireo mpitsabo mba ho vavolombelona. Izaho nahita io

dingana io tao anatin'ilay fahitana teo amin'ny tandrifin'ilay vahoaka maro izay nanatona ahy. Io dia ho dingana hafa an'ny ministerako ary tsy afaka ialàna io. Tamin'ireo izay voaomana handray tsy misy ireo famantarana nandà, dia tokony hihiaka am-pifaliana kosa izany ireo vato. Raha tsikaritrareo ao amin'ny Baiboly, dia toy izany foana no nisy tao hatrizay. Misaotra an'Andriamanitra!

Tsy misy afaka hino an'ity Hafatra ity ka hoe tsy hisy fiantraikany eo amin'ny fiainany ara-panahy, ara-batana sy ara-tsôsialy izany. [*Hoy ny fiangonana: Amen!*]. Miankina amin'ny fomba fandraisanareo Azy ny rehetra! Minoa Izany isan-teny, tsy am-piheverana ary manao fanamby aminareo aho ny hilazanareo amiko fa tsy hoe tsy niova Izy omaly, anio ary mandrakizay… Ny fivavako dia ny mba hanamarinan'Andriamanitra mandrakariva io Teny io ary Izy hanao izany. Ary isika dia miandry hatrany ny fandikana ny hevitr'ireo voromailala anankiroa izay tsy maintsy hanova ny fandehan-javatra. Izaho dia resy lahatra tanteraka rehefa afaka volana maro nanaovana fanompoana fa ireo manamboninahitra amin'ireo fiangonana ireo dia mahalala fa eo amin'ny lalana tsy izy rizareo saingy ahoana no hanovàny rafitra iray izay tonga notadiavin-drizareo? Ary raha manao izany rizareo, dia hanary ireo maha-pasitera azy ireo ka ahoana no ahafahany hamelona ny ankohonany, sy handoavany ofan-trano? Misy ilay hoe izay eritrerin-drizareo sy izay ataon-drizareo. Izany no mahatonga ny Tompo tsy nitsahatra nilaza hoe *"Ry fariseo sy sadoseo mpihatsaravelatsihy!"* Rizareo dia manao izay azony atao rehetra mba hampisehoana amin'ireo mpino endrika hafa an'ny zava-misy! Hitanareo?

Raha misy zanaky ny devoly anankiray henika teolojia tonga hilaza aminareo hoe: *"Io Kacou Philippe io dia mpamitaka, tiany ho entina any amin'ny daholo ny olona rehetra nefa ny zavatra angatahan'Andriamanitra amintsika, dia ny hitandrina izay nolazain'i Jesosy ary izany, dia afaka ataontsika na aiza na aiza, any amin'izay synagoga any, na batista isika, metodista, assemblée de dieux, advantista na inona. Tsinontsinona ireo fahasamihafan'ny fampianarana!!! Io dia tahaka ny hoe firazanana mainty, mavo sy fotsy. Any an-danitra, dia hanana firazanana iray ihany isika!!! Isika dia ilay sahan'Andriamanitra izay ahitana voninkazo samihafa!!! Aleloia! …"*. Raha miteny izany izy ary ianareo dia mipetraka eo mba hihaino azy tahaka an'i Eva, dia olanareo izany. Fa androany maraina, na dia fahavalonareo aza aho tahaka tamin'iny andro iny, nandritra ny fitorina teny ankalamanjana (Na: ampahibemaso), nisy lehilahy iny te … ahy… ny olona nanakana azy saingy tsy nety izy. Hoy izy: "Izaho vonona haka ny fahotan'i Kaina". Hitanareo? … Nefa na dia teo aza izany, avy amin'ny fahasoavana izay nomena ahy, miteny aminareo aho fa, na firy na firy ny fahagagana azonareo avy tamin'ny tanan'ny lehilahy tahaka ireny, aza mety ametrahany tanana intsony ianareo. Ary ianareo afrikana, raha efa avy nandray fitahiana maro tamin'ireo mpanao ody ianareo, ka miteny ianareo ankehitriny fa ny devoly no mampiasa azy ireo, ahoana no tsy ahazoanareo izay zavatra lazaiko amin'izao fotoana izao?

Fiangonana tokana ihany no misy ary avy amin'ny alalan'ny Teny no idirana ao. Rehefa maniraka lehilahy iray toy ny mpanompo Andriamanitra, dia ho avy miaraka amin'ny teny izy, ilay Hafatra ho an'ny fotoana misy azy. Tsy handeha hanorina fiangonana izy fa tamy miaraka amin'ny Teny satria tamin'ny voalohany tsy ny Fiangonana fa ny Teny ary avy amin'ny alalan'ny Teny no niforonan'ny Fiangonana. Hiangona manodidina io Hafatra io ny olona ary izany no antsoina hoe Fiangonana.

Enga anie ka hampifoha ny voany ato amintsika Andriamanitra ary hametraka ny hetaheta an'ny Teniny ato am-pontsika! Aoka Andriamanitra no hanala izay ao anatin'ny siny tontantsika ka hanome antsika ny Fanahy-Masina. Enga anie ka haneho ny tenany amin'ireo zanany Andriamanitra ka hanangona ireo olom-boafidy rehetra avy amin'ny vazan-tany (Na: rivotra) efatra manodidina ny Vaovao Mahafaly izay nampanantenana hatry ny fotoana ela ary efa naharihary eto anoloantsika ankehitriny. Satria ny haja, ny fahendrena, ny fitahiana, ny fisaorana (Na: asan'ny fahasoavana) sy ny voninahitra ary ny hery hanaovana izany dia Azy! Amen!

Ary, nisy jiolahy anankiray izay tratra am-body omby teo am-panamboarana vola taratasy sandoka. Ireo mpiampanga azy dia nitondra azy nankany amin'ny polisy ka nanao hoe: *"Tratranay teo am-panamboarana vola taratasy sandoka ity lehilahy ity ary ity misy santionany anankiray…"*. Noraisin'ilay polisy ilay vola taratasy, dia nodinihany tsara ka hoy izy: *"Andriamatoa ireto ô, ity vola taratasy ity dia tena izy!"*. Dia mbola namerina teo no ho eo ihany rizareo hoe: *"Andriamatoa polisy ô, izy anie no nanamboatra iny vola taratasy iny e!"* Nitodika tany amin'ilay jiolahy ilay polisy ka nanao hoe: *"Ianao ve no nanamboatra ity vola taratasy ity andriamatoa?"*. *"Eny!"* hoy izy. Ary ilay polisy namaly ka niteny hoe: *"Na dia miaiky aza izy, dia tsy afaka ny hanameloka azy izahay satria ity vola taratasy ity dia tena izy!"*. Ary navotsitra ilay jiolahy. Hitanareo? Eo anatrehan'ny olona, marina izay ataonareo, mitombina sy lavorary saingy misy Iray izay, indray andro any, hanameloka anareo… Izay manan-tsofina ho enti-mihaino aoka izy hihaino!

[*Misy rahalahy anankiray miteny amin'ny fiteny tsy fantatra…*]

OLONA IFANDRAISANA: Rahalahy Kacou Philippe Mailaka: kacou.philippe@yahoo.fr / Finday: +225-0252-0252
Tranokala: www.matth25v6.org na tadiavo ao amin'ny Google ny hoe: « Mpaminany Kacou Philippe »